


# FOMBA TSOTRA FITILIANA NY ARETINA FANDAZO

## • Fitoliana eny amin'ny toeram-pambolena



1  
Angalana santionany 10 santimetatra ny tahon'ovy nahitana soritr'aretina fandazo



2  
Tapahina ny taho 10 sm (miala ny tany, miakatra)



3  
Maka vera madio ary fenoina rano madio  
• Ajoro eo amin'ny antsasabera ny tahon'ovy marary  
• Tazomina tsy hihetsika ny vera sy ny tahon'ovy




4  
Afaka 5 hatramin'ny 10 minitra eo ho eo, misy tsiranoka fotsy mivoaka midina ny taho (miendrika setro-tsigara)

## • Fitoliana ny zanak'ovy atao masomboly

Sary 1, 2, 3, 4 : Teknika novolavolain'ny ivon-toerana CEFFEL Andranobe / Antsirabe



1  
Maka santionany maro 20-40 isa (na 200 isa ho an'ny 250 kg) amin'ny zanak'ovy atao masomboly. Atao anaty kitapo mihidy tsara isaky ny toko (lot)



2  
Manao lavaka lalina 1x1x1,5 m (HxLxL) hanotrehina ny zanak'ovy. Misafidy toerana azon'ny masoandro tsara mba hahazo hafanana anaty lavaka




3  
Atao anaty lavaka mafana tsara (28-30°C) ny kitapo misy ireo zanak'ovy.



4  
Saromana sy totofana ny lavaka, ary ahotrika farahafakeliny eo amin'ny herinandro eo ny zanak'ovy

### Fomba fanotrehana hafa :

Apetraka amin'ny toerana mafana ny kitapo mihidy misy ny santionan'ny zanak'ovy (toa ny ao an-dakozia akaikin'ny fatana), ary ahotrika mandritra ny herinandro farafahakeliny



5  
Rehefa vita ny fanotrehana dia jerena tsirairay ny zanak'ovy. Raha misy mando sy tsiranoka fotsy mivoaka ny mason'ovy, na lo sy mamofona maimbo ny ovy dia tsy azo atao masomboly ny toko (lot) nanaovana ny fitiliana.